# Ilay Voa Tsara Nafafy 23 Jolay 2018

**23** **Alatsinainy**
jolay

**Tsy mba hitoetra ao anatin'ny tranoko izay manao fitaka ; tsy mba hijanona eo anoloan'ny masoko izay milaza lainga.** Salamo 101. 7

**Ny tanàna dia tena volamena ... Ary tsy mba hiditra ao mihitsy izay tsy masina, na izay manao vetaveta, na izay mandainga, fa izay voasoratra ao anatin'ny bokin'ny fiainana izay an'ny Zanak'ondry ihany.**
Apokalypsy 21. 18, 27

## Lainga sy marina

„Fahadisoana ara-toe-panahy aman-tsaina izany !", hoy ny fitambaran'ny mpanao pôlitika, nanondro ny lainga nataona minisitra iray. Inona moa ny toe-panahy aman-tsaina resahina amin' izany ? Amin'ny lafiny iray, dia esoina ny toe-panahy aman-tsaina, lavina izay rehetra momba ny lafin-javatra kristiana. Nefa amin'ny lafiny iray koa, dia tsapa tampoka ny ilàna toe-panahy aman-tsaina ekena. Antsoina izy io mba hiseho, toy ny hoe fiteny majika. Toa manafintohina tampoka ny lainga iray, satria lainga be, kanefa ny lainga dia fanao mahazatra, ao amin'ny tontolo pôlitika sy eo amin'ny fiainana andavanandro. Fahadisoana ve ny lainga sasany, ary tsy izany kosa ny lainga hafa ?

„Izany no ankahalako ny làlam-pitaka rehetra" (Salamo 119. 104), hoy ny mpino maniry hivelona araka ny fihevitr'Andriamanitra. Andriamanitra tokoa mantsy dia manameloka ny lainga. „Jehovah no Andriamanitra tokoa" (Jeremia 10. 10 ; dikanteny hafa : „Jehovah Andriamanitra dia fahamarinana"). Izy dia naneho ny tenany tao amin'i Jesosy Kristy, Izay nilaza hoe : „Izaho no làlana sy fahamarinana ary fiainana" (Jaona 14. 6). „Izao no niaviako amin'izao tontolo izao, dia ny hanambara ny marina *(izany hoe izay rehetra lazain'Andriamanitra)*. Izay rehetra avy amin'ny marina dia mihaino ny feoko" (Jaona 18. 37), hoy koa Izy tamin'i Pilato. „Fa satria milaza ny marina Aho, dia tsy inoanareo" (Jaona 8. 45). Tsy nino Azy ny olona ambony tamin'izany vanimpotoana izany, ary satria ny marina nampiseho ny „fahadisoan'izy ireo ara-toe-panahy aman-tsaina", dia nomelohin'izy ireo ho faty Ilay irak'Andriamanitra. Mandraka ankehitriny ny Baiboly dia mbola miteny amintsika fa „tonga ny Zanak'Andriamanitra ka efa nanome antsika ny fahazavan-tsaina, mba ho fantatsika Ilay marina ; ary isika ao amin'Ilay marina, dia ao amin'i Jesosy Kristy Zanany. Izy no Andriamanitra marina sy fiainana mandrakizay" (1 Jaona 5. 20).